



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY BOKIN'NY EKSODOSY – LE LIVRE DE L'EXODE

Alatsinainy 11 ôktôbra 2021
Lundi 11 octobre 2021

**BEZALILA SY IREO NAMANY (Eksôdôsy 36)
– BETSALEEL ET SES COMPAGNONS (Exode 36)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

Ary i Mosesy dia nampaka an'i Bezalila sy Oholiaba ary ny olona hendry rehetra, izay nasian'Ny TOMPO fahendrena tao am-pony, dia izay rehetra nampahazotoin'ny Fony hankeo amin'ny asa hanao azy (Eks. 36, 2) – *Moïse appela Betsaleel, Oholiab et tous les artisans dans l'esprit desquels l'Eternel avait mis de l'habileté, tous ceux dont le cœur était disposé à s'appliquer à ce travail pour le réaliser (Ex. 36, 2).*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Misaotra Anao izahay, ry Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, fa voriana amin'ny alalan'izao fotoam-bavaka izao indray izahay. Manan-Teny anoroana anay ny Sitraponao lanao, te-hampahery anay ary te-hamelona anay amin'ny firaisana Aminao. Hamasino àry izao fotoana izao ka sokafy ny fonay sy ny fiainanay manontolo handray Anao sy ny Sitraponao ary ny Asanao amin'ny fankasitrahana feno – *Nous Te remercions Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, car Tu nous réunis à travers cette veillée de prière. Tu as une Parole pour nous indiquer le chemin que Tu agrées, Tu veux nous reconforter et nous vivifier dans la communion avec Toi. Alors, sanctifie de moment et ouvre nos cœurs et toute notre vie pour T'accueillir ainsi que ta Volonté et ton Œuvre dans la reconnaissance la plus totale.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, no ametrahanay izany vavaka izany Aminao. Amen ! - *C'est au Nom de Jésus-Christ, ton Fils unique, que nous adressons cette prière. Amen !*

Teny fampidirana – Introduction :

- Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen – *Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*
- Manomboka eto amin'izao anjarantsika eto izao, dia fankatoavana teo amin'ny zanak'Israely sy fanokanana no hitantsika ambaran'ny boky ny Eksôdôsy – *A partir de maintenant, le livre de l'Exode exprime l'obéissance des fils d'Israël et la consécration.*
- Toy izao ny drafitra arahintsika androany, handinihantsika ity Eksôdôsy 36 ity – *Voici le plan que nous allons suivre aujourd'hui en feuilletant ce Exode 30 :*
 - Eks. 36, 1-7 : ny fankatoavana teo amin'ny zanak'Israely - *le dévouement volontaire,*
 - Eks. 36, 8-38 : ny nanaovana ny tabernakely sy izay rehetra momba azy - *la construction de la tente d'assignation (tabernacle).*
- Hiditra avy hatrany amin'ny Fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Eks. 36, 1-7. – *Entrons immédiatement dans la première Partie de notre séance par la lecture de Ex. 36, 1-7.*

Hira (cantique) 6, 1 : Avia, miondreha :

1. Avia, miondreha, ry vazan-tany ô,
Fa lehibe Jehovah sy masina tokoa.
Miankohofa tsara, manatona Azy izao
Haneho fanajana ilay Mpanao anao.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Eks. (Ex.) 36, 1-7 :

1 Dia hiasa Bezalila sy Oholiaba ary ny olona hendry rehetra, izay nomen'Ny TOMPO fahendrena sy fahiratan-tsaina, hahaizany hanao ny asa rehetra ho amin'ny fanompoana ao amin'ny fitoerana masina, araka izay rehetra nandidian'Ny TOMPO.

1 Betsaleel, Oholiab et tous les artisans en qui l'Eternel a mis de l'habileté et de l'intelligence pour savoir faire ces travaux réaliseront les objets destinés au service du sanctuaire en se conformant à tous les commandements de l'Eternel.

2 Ary i Mosesy dia nampaka an'i Bezalila sy Oholiaba ary ny olona hendry rehetra, izay nasian'Ny TOMPO fahendrena tao am-pony, dia izay rehetra nampahazotoin'ny Fony hankeo amin'ny asa hanao azy. 3 Ary izy ireo dia nandray tamin'i Mosesy ny fanatitra rehetra izay efa nentin'ny Zanak'Israely hanaovana ny asa amin'ny fanompoana ao amin'ny fitoerana masina. Ary ny olona mbola nitondra fanatitra sitra-po isa-maraina ihany ho eo amin'i Mosesy. 4 Dia nanatona ny olon-kendry rehetra, izay nanao ny asa rehetra amin'ny fitoerana masina, samy niala tamin'ny asany izay nataony avy, 5 ka niteny tamin'i Mosesy hoe : « Ny olona mitondra mihoatra lavitra noho izay hahavita ny fanompoana amin'ny asa nandidian'Ny TOMPO hatao ». 6 Dia nandidy i Mosesy ka nandefa teny eran'ny toby rehetra nanao hoe : « Aza misy manao zavatra intsony hatao fanatitra ho amin'ny fitoerana masina ianareo, na lahy na vavy ». Dia izany no

nampitsaharana ny olona tsy hanatitra intsony, 7 fa ny zavatra efa nateriny dia ampy anaovana ny asa rehetra ka nanana amby aza.

2 Moïse appela Betsaleel, Oholiab et tous les artisans dans l'esprit desquels l'Éternel avait mis de l'habileté, tous ceux dont le cœur était disposé à s'appliquer à ce travail pour le réaliser. 3 Ils prirent devant Moïse toutes les offrandes qu'avaient apportées les Israélites pour faire les objets destinés au service du sanctuaire. Chaque matin, on apportait encore à Moïse des offrandes volontaires. 4 Alors tous les hommes habiles qui réalisaient tous les travaux du sanctuaire quittèrent chacun l'ouvrage auquel ils étaient occupés 5 et vinrent dire à Moïse : « Le peuple apporte beaucoup plus qu'il ne faut pour réaliser le travail que l'Éternel a ordonné de faire ». 6 Moïse fit faire cette proclamation dans le camp : « Que personne, homme ou femme, ne prépare plus d'offrandes pour le sanctuaire ». On empêcha ainsi le peuple d'en apporter. 7 Les objets préparés suffisaient pour tous les travaux à réaliser, et il y en avait même trop.

Fanazavana 1 – Explications 1 : ny fankatoavana teo amin'ny zanak'Israely - le dévouement volontaire :

1. Moïse se contenta d'annoncer ce que l'Éternel désirait recevoir et les hommes sages faisaient l'ouvrage avec un tel zèle que Moïse a dû commander pour que le peuple cesse d'apporter pour tout l'ouvrage à faire (chap. 36, 5-7) :
 - a) Tout ce qui est offert à Dieu doit procéder de cœurs qui ont été disposés par son Esprit : que l'offrande doit être spontanée et non pas arrachée par la persuasion ou une pression extérieure, elle doit venir du cœur.
 - b) Qu'y a-t-il de plus humiliant que le fait de devoir recourir à des sollicitations de toutes sortes pour pousser les enfants de Dieu à offrir leurs dons ?
L'insuffisance des moyens pour poursuivre l'œuvre du Seigneur est devenue une plainte chronique.
2. L'Éternel avait rempli Betsaleël de l'esprit de Dieu, en sagesse, en intelligence, et en connaissance, et pour toute espèce d'ouvrages ; et à lui et à Oholiab, fils d'Akhisamac, de la tribu de Dan, il avait aussi mis au cœur d'enseigner (chap. 35, 31-35). Les ouvriers étaient donnés par Dieu, la sagesse et la connaissance nécessaires à l'exécution de leur travail venaient aussi de Lui par l'action de son Esprit, et la capacité d'enseigner les autres était encore un don de sa part.
3. Nous avons certainement dans ces ouvriers le modèle des vrais serviteurs de toutes les dispensations. Ils ont été eux-mêmes appelés par Dieu et toute leur activité était le fruit de l'Esprit de Dieu. Ils ne se sentaient pas à la hauteur d'une telle tâche, mais leur capacité venait de Dieu (2 Cor. 3, 5) **Kanefa tsy mihambo hanana fahaleovana avy aminay hihevitra na amin'inona na amin'inona izahay, fa ny fahaleovanay dia avy amin'Andriamanitra** - Je ne dis pas que nous soyons capables, par nous-mêmes, de concevoir quelque chose comme si cela venait de nous. Notre capacité, au contraire, vient de Dieu. L'habileté humaine, la sagesse ou les inventions de l'homme, n'auraient fait que gêner la perfection du modèle divin : aussi les ouvriers ne devaient-ils être que des « vases » pour la manifestation de la sagesse, de la connaissance et de l'enseignement divins.

L'Éternel avait donné les instructions les plus minutieuses relativement à l'œuvre tout entière du tabernacle. Tout venait de l'Éternel, il n'y a rien à faire et il n'y a point de place dans le tabernacle pour l'homme. Les Israélites ne firent que ce qui leur avait été dit ! Et c'est là une salutaire leçon pour l'Église : quand l'homme y met du sien, cela peut dégénérer très fortement, comme ce fut le cas avec l'affaire du veau d'or au ch. 32.

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonantsika – *pour notre cellule familiale*
- ho an'ny Fiangonantsika – *pour notre église*
- ho an'ny Mpitandrina antsika – *pour nos pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (cantique) 6, 2-3 : Avia, miondreha :

2. Andriananahary, manaiky izahay
Fa Aminao ny hery tsy hay toherina.
Tsy misy maharara ny tianao hatao,
Fa lanao Mpitondra izao rehetra izao.
3. Re any lavitra any izao ny herinao,
Ka isam-bazan-tany hiondrika Aminao.
Mpanjaka sy Mpitsara mahery lanao,
Miadana ny tany miankina Aminao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Eks. (Ex.) 36, 8-38 :

8 Ary ny hendry rehetra teo amin'izay nanao ny raharaha dia nanao ny tabernakely : dia ambainy folo amin'ny rongony fotsy madinika voahasina sy manga sy volomparasy ary mena : kerobima, asan'ny mpanenona mahay, no nataony sorany. 9 Ny halavan'ny ambainy iray dia valo amby roa-polo hakiho; ary ny lambanan'ny ambainy iray dia efatra hakiho : nitovy ohatra ny ambainy rehetra. 10 Ambainy dimy navitrany ho iray, ary ambainy dimy koa navitrany ho iray. 11 Ary nanao tadivavarana manga teo an-tsisin'ny ambainy iray izy, dia teo an-tsisin'ny anankiray efa voavitrana. Ary nanao toy izany koa tamin'ny ambainy farany izy, dia teo an-tsisin'ny anankiray efa voavitrana koa. 12 Tadivavarana dimam-polo no nataony teo amin'ny ambainy iray, ary tadivavarana dimam-polo koa no nataony teo amin'ny sisin'ny ambainy izay amin'ny anankiray efa voavitrana koa, ary nifandray ny tadivavarana. 13 Ary nanao farango volamena dimam-polo izy, ka nakambany tamin'ny farango ny ambainy, dia voakambana ho iray ny tabernakely.

8 Tous les artisans qui accomplirent ce travail firent le tabernacle avec 10 tapis en fin lin retors et en fil bleu, pourpre et cramoisi. On y représenta des chérubins selon l'art du brodeur. 9 La longueur d'un tapis était de 14 mètres et sa largeur de 2 mètres. La mesure était la même pour tous les tapis. 10 On attacha 5 de ces tapis ensemble, les 5 autres furent aussi attachés ensemble. 11 On fit des lacets bleus sur le bord du tapis

terminant le premier assemblage et on fit de même sur le bord du tapis terminant le second assemblage. 12 On mit 50 lacets au premier tapis et 50 lacets sur le bord du tapis terminant le second assemblage, ces lacets correspondaient les uns aux autres. 13 On fit 50 agrafes en or et l'on attacha les tapis l'un à l'autre avec les agrafes. Ainsi le tabernacle forma un tout.

14 Ary nanao ambainy koa tamin'ny volon'osy izy ho lay handrakofana ny tabernakely, dia iraika ambin'ny folo ambainy no nanaovany azy. 15 Ny halavan'ny ambainy iray dia telo-polo hakiho ary ny lambananny ambainy iray dia efa hakiho, nitovy ohatra ny ambainy iraika ambin'ny folo. 16 Ary navitrany ny ambainy dimy hikambana ary ny ambainy enina kosa hikambana. 17 Ary nanao tadivavarana dimam-polo ho eo antsisin'ny ambainy iray izay farany amin'ny efa voavitrana izy, ary tadivavarana dimam-polo koa ho eo an-tsisin'ny ambainy iray amin'ny anankiray koa efa voavitrana. 18 Ary nanao farango varahina dimam-polo izy hampikambana ny lay ho iray.

14 On fit des tapis en poil de chèvre destinés à servir de tenture par-dessus le tabernacle. On en fit 11. 15 La longueur d'un tapis était de 15 mètres et sa largeur de 2 mètres. La mesure était la même pour les 11 tapis. 16 On attacha 5 de ces tapis, puis les 6 autres à part. 17 On mit 50 lacets sur le bord du tapis terminant un assemblage et 50 lacets sur le bord du tapis du second assemblage. 18 On fit 50 agrafes en bronze pour assembler la tenture afin qu'elle forme un tout.

19 Ary nanao rakotry ny lay tamin'ny hodi-tr'ondrilahy efa nomenaina izy sy sarona hodi-takasy ho eo amboniny.

19 On fit pour la tenture une couverture de peaux de béliers teintes en rouge et une couverture de peaux de dauphins, qui devaient être mises par-dessus.

20 Ary nanao ny zana-kazo akasia ho amin'ny tabernakely izy. 21 Folo hakiho ny hahavon'ny zana-kazo iray ary iray hakiho sy sasany ny indraben'ny zana-kazo iray. 22 Ary lahiny roa no amin'ny zana-kazo iray ka nasiany izay hikambanany : izany no nanaovany ny zana-kazo rehetra tamin'ny tabernakely. 23 Ary nanao ny zana-kazo ho amin'ny tabernakely izy, dia zana-kazo roa-polo ho eo amin'ny lafiny Atsimo. 24 Ary nanao faladia volafotsy efa-polo izy ho ambanin'ny zana-kazo roa-polo, dia faladia roa avy ho ambanin'ny isan-janakazo hiorenan'ny lahiny roa. 25 Ary nanao zana-kazo roa-polo ho eo amin'ny lafiny faharoa amin'ny tabernakely izy, dia ny lafiny Avaratra. 26 Ary nanao faladiany volafotsy efa-polo, izy dia faladia roa avy ho ambanin'ny isan-janakazo. 27 Ary nanao zana-kazo enina ho eo amin'ny lafin'ny tabernakely Andrefana izy, izay eo ivohony. 28 Ary nanao zana-kazo roa ho eo amin'ny zoron'ny tabernakely tamin'ny lafiny ivoho izy. 29 Ary nakambana ho iray izy hatramin'ny ambany ka hatramin'ny ambony, ka nasiana vavavola iray ihany : nataony toy izany avokoa izy roa ho eo amin'ny zorony roa. 30 Ary nisy zana-kazo valo sy ny faladiany volafotsy dia faladia enina ambin'ny folo : faladia roa avy ho ambanin'ny isan-janakazo iray. 31 Ary hazo akasia no nataony barany : dia dimy ho amin'ny zana-kazo amin'ny lafiny iray amin'ny tabernakely, 32 sy barany dimy ho amin'ny zana-kazo amin'ny lafiny iray koa amin'ny tabernakely, ary barany dimy ho amin'ny zana-kazo amin'ny lafiny Andrefana izay ao ivohony. 33 Ary nanao ny barany afovoany izy, ho afovoan'ny zana-kazo ka hahatratra

ny farany roa. 34 Ary ny zana-kazo nopetahany takela-bolamena, ary nataony volamena koa ny vavavola aminy, izay hitoeran'ny barany : ary nopetahany takela-bolamena koa ny barany. 35 Ary ny efitra lamba dia nataony manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, ary kerobima, asan'ny mpanenona mahay, no nataony sorany. 36 Ary nanao andry efatra tamin'ny hazo akasia izy hihantonan'izany ary nopetahany takela-bolamena ireo sady nataony volamena koa ny fihantonany, ary nandrendrika faladia volafotsy efatra izy hiorenany.

20 On fit les planches pour le tabernacle. Elles étaient en bois d'acacia et placées debout. 21 La longueur d'une planche était de 5 mètres et sa largeur de 75 centimètres. 22 Il y avait pour chaque planche 2 tenons parallèles. On fit de même pour toutes les planches du tabernacle. 23 On fit 20 planches pour le côté sud du tabernacle. 24 On fit 40 bases en argent à placer sous les 20 planches, 2 bases sous chaque planche correspondant à ses deux tenons. 25 On fit 20 planches pour le deuxième côté du tabernacle, le côté nord, 26 ainsi que leurs 40 bases en argent, 2 bases sous chaque planche. 27 On fit 6 planches pour le fond du tabernacle, le côté ouest. 28 On fit 2 planches pour les angles du tabernacle dans le fond. 29 Elles étaient doubles depuis le bas et bien reliées à leur sommet par un anneau, on fit de même pour les deux planches placées aux deux angles. 30 Il y avait ainsi 8 planches avec leurs bases en argent, soit 16 bases, 2 sous chaque planche. 31 On fit 5 barres en bois d'acacia pour les planches de l'un des côtés du tabernacle, 32 5 barres pour les planches du deuxième côté du tabernacle et 5 barres pour les planches du côté du tabernacle qui formait le fond, orienté à l'ouest. 33 On fit la barre du milieu pour traverser les planches d'une extrémité à l'autre. 34 On couvrit les planches d'or, on fit leurs anneaux destinés à recevoir les barres en or et l'on couvrit les barres d'or. 35 On fit le voile en fil bleu, pourpre et cramoisi et en fin lin retors. On le fit selon l'art du brodeur et l'on y représenta des chérubins. 36 On fit pour lui 4 colonnes en acacia et on les couvrit d'or. Elles avaient des crochets en or et l'on fondit pour elles 4 bases en argent.

37 Ary nanao varavarana lamba ho eo amin'ny varavaran'ny lay izy, dia tamin'ny manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, asan'ny mahay tenona samy hafa soratra. 38 Ary ny andriny dimy sy ny fihantonany dia nataony koa, ary nopetahany takela-bolamena ny lohany sy ny anjaka hitohizany, ary ny faladiany dimy dia nataony varahina.

37 On fit pour l'entrée de la tente un rideau en fil bleu, pourpre et cramoisi et en fin lin retors. C'était un ouvrage de broderie. 38 On fit ses 5 colonnes et leurs crochets et l'on couvrit d'or leurs chapiteaux et leurs tringles. Leurs 5 bases étaient en bronze.

Fanazavana 2 – Explications 2 : ny nanaovana ny tabernakely sy izay rehetra momba azy - la construction de la tente d'assination (tabernacle) :

Nous observons, dans cette partie, l'obéissance implicite du peuple.

Le ressort d'un service quel qu'il soit est l'obéissance, et le test de tout ce qui est exécuté est sa conformité ou, au contraire, sa divergence avec la pensée révélée de Dieu. L'Éternel avait

donné certaines directives à Moïse, et des instructions à ses serviteurs pour l'ouvrage ; par conséquent, la seule question qui se posait une fois leur travail achevé était la suivante : répondait-il dans chaque détail au modèle qui leur avait été communiqué ? Nous avons là le principe important que tout ce qui se réclame être de Dieu doit se soumettre au test de la Parole de Dieu. Tout ce qui ne porte pas le sceau de la Parole de Dieu doit être impitoyablement rejeté, même s'il s'agit de quelque chose qui est profondément ancré dans les habitudes. Le Seigneur mesure tout, et qu'il nous incombe par conséquent aussi de mesurer tout, par sa propre Parole. Malgré tout le dévouement et le zèle possibles, aucun service ne sera acceptable pour Dieu si l'obéissance fait défaut. Et c'est là précisément que tant de chrétiens manquent. À nulle époque on n'a connu un plus grand déploiement d'énergie et d'activité, ni de plus grands rassemblements religieux.

S'il était absolument indispensable que Moïse exécute scrupuleusement les instructions qu'il avait reçues au sujet du tabernacle, il est tout aussi important que la Parole de Dieu soit notre seul guide dans tout ce qui touche à l'Église.

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny marary – *pour les malades*
- ho an'ny vao avy namoy havan-tiana – *pour ceux qui viennent de perdre un être cher*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous du mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (cantique) 1, 1-2 : Andriananahary Masina indrindra :

1. Andriananahary Masina indrindra,

Ny anjelinao izay mitoetra Aminao
Mifamaly hoe : « Masina indrindra
Andriananahary, Telo Izay Ira ».

2. Andriananahary Masina indrindra,
Na tsy hita aza izao ny Voninahitrao !
Masina indrindra Ianao irery :
Andriananahary, Telo Izay Iray.

FANDRAVONANA – CONCLUSION

Teksta – Texte : Hagay (Agée) 1, 7-8 :

7 Izao no lazain’Ny TOMPO, Tompon’ny maro : « Hevero ny lalanareo. 8 Miakara any an-tendrombohitra, ka makà hazo, ary ataovy ny trano, dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina Aho », hoy Ny TOMPO. Amen !

7 Voici ce que dit l'Eternel, le maître de l'univers : « Réfléchissez attentivement à votre conduite ! 8 Montez sur la montagne, apportez du bois et construisez le Temple ! J'en aurai de la joie et Je serai honoré », dit l'Eternel. Amen !

Hira (cantique) 1, 4-5 : Andriananahary Masina indrindra :

4. Andriananahary feno hatsarana,
He ny fitahiana izay mpanomponao.
Tsara dia tsara ny omena azy
Andriananahary, Telo izay Iray.
5. Andriananahary Masina indrindra,
Izahay mpanomponao ta-hankalaza Anao.
Feno fahendrena, feno fiantrana,
Andriananahary, Telo izay Iray.

Tso-drano - Bénédiction : 2 Kor. (2 Cor.) 13, 14 :

Ho aminareo rehetra anie ny Fahasoavan’i Jesosy Kristy Tompo sy ny
Fitiavan’Andriamanitra ary ny firaisana amin’ny Fanahy Masina. Amen !

*Que la Grâce du Seigneur Jésus-Christ, l'Amour de Dieu et la communion du Saint-Esprit
soient avec vous tous. Amen !*

**Amin’ny Anaran’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le
Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**